# FINOANA SAHY

Tovolahy Anglisy tsy dia tsara toetra izay i GEORGE MÜLLER hatreo amin'ny faha-20 Taonany izay nifanenany tamin'Andriamanitra. Hatreo dia nanokana tanteraka ny aminy tamin'ilay nanova azy izy.

Nanorina trano fitaizana zaza kamboty maro izy tany BRISTOL, tamin'ny fiandohan'ny taonjato faha-19. Ny « fahasahiany natoky an'Andriamanitra» no niantoka ny fandaniana be tamin'izany.Ny vavaka no namelona sy nanafy ary nanabe an'ireo ankizy ireo hoy izy. Matetika izy no nahazo valimbavaka mahavariana.

Indray maraina raha sady tsy nisy hanina no tsy nisy vola dia namory ny ankizy izy ka nivavaka hoe : « Ry Rainay any an-danitra ô, misaotra Anao izahay amin'ny sakafo izay homenao anay». Tsitapitapitr'izay dia injao nisy nandona tao am-baravarana, izay tsy iza fa ny mpanao mofo. Nitondra mofo vao avy namboarina ny alina izy, satria nahatsapa ho nasain'ny Tompo nanao izany. Fotoana fohy taorian'izany indray dia tonga nitondra siny maromaro feno ronono ny mpitondra ronono. Simba teo akaiky teo ny fiara ka tsy maintsy manala ny ronono tao anatiny izy vao afaka nanamboatra azy.

**LESONA**

Ry Kristiana ô ! Tsarovy fa Andriamanitra dia manome voninahitra ny finoana. Aoka isika hanao izay azontsika atao saingy hahay hametraka ny momba antsika manontolo kosa amin'Andriamanitra. Tsy takatry ny saina ny heriny. Aoka isika hisaotra an'Andriamanitra sahady amin'izay mbola homeny antsika.

***SAL 33 :18-19*** *« Indro, ny mason'i Jehovah mitsinjo izay mahatahotra Azy, dia izay manantena ny famindrampony……….mba hamelona azy, raha misy mosary »*

***ISA 65 : 24*** *« Raha mbola miteny izy dia hihaino aho »*